Martsa 2017

Fifaninanana Tononkalo Fitiavana 2017

Koloiko sy Hajaiko ny Teniko

Copyright © 2017 Koloiko sy Hajaiko ny Teniko

Sary: Mainty Kely

Ity boky ity dia hitanao ao amin'ny tranokala *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko*
http://www.andrianiko.com/boky/

Tsy azo kitihina ireo soratra eo ambony eo ireo raha hanaparitaka ity boky ity ianao.

Raha misy fanamarihana tianao hatao mikasika ny boky dia aza misalasala manoratra aty aminay.

Natonta voalohany, Martsa 2017

Fanoroam-pejy

Fanoroam-pejy 3

I Ireo Tononkalo Nifaninana 9

1 Rehefa Tia 10

2 Soa Fa Nisy Ianao 12

3 Fo Tia 14

4 Mifankatia Hatrany 16

5 Satriko 18

6 Ry Tiako 20

II Vokatra Ofisialy 22

Teny Fampidirana

Hetsika fanaon'ny Koloiko sy Hajaiko ny Teniko isan-taona ho fankalazana ny fetin'ny mpifankatia ny fifaninanana tononkalo. Ity boky ity no mirakitra ny andinindininy rehetra mikasika ny fifaninanana natao tamin'ny taona 2017.

Lohahevitry ny Fifaninanana

Fitiavana

Mpitsara

- M'Umpy Ann
- Johana Ra
- Benja Ratsimba
- Mainty Kely

Momba Ny Boky

Ao amin'ny fizarana voalohany amin'ity boky ity no ahitantsika ireo tononkalo nifaninana, nalahatra arakaraky ny nidirany tao amin'ny fifaninanana. Ao amin'ny fizarana faharoa kosa no itaterana ny vokatra ôfisialy tamin'ny fifaninanana.

Fisaorana

Fisaorana eram-po eran-tsaina no atolotra ireto olona sy fikambanana manaraka ireto izay nifarimbona nanantontosa ity fifaninanana ity:

- ny fikambanana Arirarira noho ny fanohanany ny hetsika sy fanomezany ny loka,
- ny Western Union noho ny fanomezany mari-pahatsiarovana ho an'ireo mpifaninana,
- ireo mpitsara rehetra,
- ireo mpamaky nahafoy fotoana nanome isa ireo tononkalo tao amin'ny Facebook,
- ireo mpifaninana rehetra tsy an-kanavaka,
- ny mpikambana rehetra ao amin'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko.*

Misaotra indrindra tompoko!

Antananarivo, 01 Martsa 2017 *Mainty Kely*

Fizarana I

Ireo Tononkalo Nifaninana

Tononkalo 1

Rehefa Tia

Nosoratan'i Cotton Wood

Na mbola takona tsy hita
ilay endrikao toa sariaka
dia efa azoko ao anaty nofy
fa ny momba anao tsy farofy.

Tazako manangasanga hafaliana
ny foko kely mientanentana sady liana.
Inona no hitranga rehefa hipoitra ianao?
Satria izaho dia mbola tia hatramin'izao.

Dia miodina eo ny tany; manome fotoana.
Te hanidina ny vatako mba hihaona,
saingy indrisy tsy akaiky ilay tanàna
fa ny nofy ihany no malaky sy tsy tana.

Rehefa tia aho tsy mahatadidy izay aleha
satria ianao mitarika ny zotran'ny fandeha.
Ali-kitroka toa mazava tsy mampatory,
ny fitiavanao no mameno tsy mahaory.

Isan'andro aho manantena fahagagana
sao mba ianao no ho avy hanova mari-pana,
fa hofenoiko raozy manitra ny lalantsika
sy fandriana midadasika manala hatsiaka.

Tonga indray ity ilay andron'ny mpifankatia.
Izaho sy ianao tsy mila izany, fa isan'andro . . . mankafy!

Tononkalo 2

Soa Fa Nisy Ianao

Nosoratan’i Toky Ny Aina Joseclaudio

Oh! Tadidiko eto ilay ora sy fotoana.
Ilay tamin’iny.
Fa tamin’iny mantsy
vavolombelon’ny teny nifanaovana ny zavaboahary nisy.
Nisy tamin’izany
tolokon’olo-tia
niangavy eny ho azy.
Tarain’olo mila fitia hira-dia.
Fa tamin’izany
ianao ilay sisa afaka nampiaina ny tantara noforoniko.
Soa fa nisy ianao,
nanaiky ilay feo niako an-tsofinao.
Soa fa teo ianao,
nanaiky ilay ako niantefa anatinao.
Malala a!

Soa fa feno anao ny izao tontolo izao-ko,
nameno ny tantarako.

Tononkalo 3

Fo Tia

Nosoratan’i Barry Sirjon

Hidadasika foana ny habaka ho lalovana,
ny ngoly handretsika an-tampon’ny dezaka.
Fa ny manana tiana misy hery fiarovana,
mioty hasambarana, no tsy mba mifezaka.

Fo tia no mivazo ka mihanta firitsoka,
tsy resy bohika eto an-tany fandalovana.
Fo tia no miantsa ka tsy laitra akisoka,
ny kidaombaramitany tsy lavom-pahalovana.

Ny fandavan-tena mandresy ny mazana,
manempo tafiotra, mitsoka mora tadio…
Ka na vara-maina avy hampisara-bazana,
’zaho ho eo foana, ka ny tebiteby ailio!

Fo tia no miangaly ny vetsony lalina,
“sôlifezy” miaina noho ny misy hatrizay.
Ny fo tia rehefa kobokobonin’ny marina,
mahavita mamindra ny tendrombohitr’i Sinay.

Sarobidy sy harena tokoa ’nge ry lala,
ny manam-pitoniana rehefa akaikezinao.
Ny fanahiko mino, ary tsy misalasala,
fa na zovy handrafy, ianao tsy handao!

Tononkalo 4

Mifankatia Hatrany

Nosoratan'i Zara Ainga

Dia tonga teto isika rehefa nasafoton'ny gidraky ny tany,
nisedra horohoro fa mbola indreto ihany.
Tsy nisy fiovany,
mifankatia hatrany…

Mandainga raha hilaza fa tsy nisy tao tomany ah!
Mandainga raha hilaza fa tsy niaritra ny jaly.
Tena nisy izany tamin'ny fifandraisantsika.
Kanefa ankehitriny hiarahana mahita:
Tsy mbola nangatsiaka ny fatran'ny fitia.
nitohy foana ny dia…

Feno ny fepetra
noheverina hahatomombana ny fiainan-tokatrano:
Miaraka misedra rehefa miakatra ny rano,

samy tia mandefitra, tsy be kirina lava.
Isika akia malala ilay mpivady nifanaja ah!!

Dia eto isika izao…
Namana sy zoky ary andefimandry ianao.
Tohanako sy iankinako amin'ny androko rehetra.
Tsy mbola niova toky fa dia aina no hifametra…

Hiezaka hitolona f'izany ilay mitia.
Atao ho rehareha hoe matoa tonga tety.
Dia tsy kisendrasendra na efa fombafomba.
Fa fo roa mihetsi-tromban'ny herin'ny fitia.
Tsy afaka rarana fa manimba tady vy.

Matoky anao ny foko dia haveriko eto indray.
Ny tenako sy ianao, iray mandrakizay…
Ny tohiny rehetra, ankinina amin'ny RAY…

Tononkalo 5

Satriko

Nosoratan'i Lalah Rasetamalala

Malala a!
Mba satriko hono.
Izaho sy ianao,
hifanjohy lava izao.

Malala a!
Satriko, ny androntsika rehetra
ho toy ny andro androany,
ho andron'ny mpifankatia,
haharitra ho doria.

Dia ilay fiarahantsika
tsy hisy ho tomika
ho lavitry ny ady,
tsy ho sarahin'ady.

Dia izaho sy ianao
ho mpifamofo lava izao.
Ka ny ho androm-piainantsika rehetra
dia ho mamy tsy hisy fetra.

Tononkalo 6

Ry Tiako

Nosoratan'i Notahina Francia

Ry malalako tsy foiko
tiako loatra ianao.
Raha ho loarako ny foko
asa ho voavakinao?

Tsy haiko lazaina na atao tantara
izay tena voasoratra ao.
Indro ireo masoko manambara
fa tena tiako loatra ianao.

Na ho indramiko aza re
ny feon'ireny vorona an'ala,
tsy ampy hanaporofo akory
fa tena tiako ianao malala.

Jereo ireo kintana eny ambony,
tena maro isa tokoa.
Nefa tena tsy ampy akory
haneho ny masaka ato am-poko.

Tsy manam-bola sy harena
na fanomezan-tsarobidy
fa ho porofo tena izy
etsy horohako izato izy.

Fizarana II

Vokatra Ofisialy

Tabilao 6.1: *Vokatra ofisialy tamin'ny fifaninanana tononkalo fitiavana 2017*

Lah.	Mpanoratra	Tononkalo	Isa
1	Barry Sirjon	Fo Tia	63.88
2	Zara Ainga	Mifankatia Hatrany	61.33
3	Toky Ny Aina Joseclaudio	Soa Fa Nisy Anao	54.67
4	Notahina Francia	Ry Tiako	47.20
5	Cotton Wood	Rehefa Tia	45.38
6	Lalah Rasetamalala	Satriko	45.00

Eo amin'ny Tabilao 6.1 no ahitantsika ny vokatra ofisialy tamin'ilay fifaninanana tononkalo.

Momba Ireo Naoty

Ireo misoratra eo ambony ireo ny naoty azon'ny mpifaninana. Ireo isa ireo dia fitambarana'ny isa nomen'ny mpitsara sy ny salan'isan'ireo isa nomen'ny mpamaky.

Momba ny Tsipelina

Tamin'ity fifaninanana ity dia ireo teny diso fanoratra ihany no nosokajiana ho diso tsipelina. Nandeferana ny diso teo amin'ny fampiasana mari-piatoana. Ireo tononkalo efa voahitsy no napetraka ato amin'ity boky ity. Raha te hijery ny tononkalo mbola tsy voahitsy ianareo dia tsidiho ny pejin'ny fifaninanana ao amin'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko* (http://www.facebook.com/groups/andrianiko/).

Sary 6.1: *Barry Sirjon, nahazo ny loka voalohany*

Sary 6.2: *Zara Ainga, nahazo ny loka faharoa*

Sary 6.3: *Toky Ny Aina Joseclaudio, nahazo ny loka fahatelo*

Momba ny Loka

Ireo telo voalohany no mahazo loka tamin'ity fifaninanana ity, eo amin'ny sary 6.1, sy 6.2, ary 6.3 no ahitana ny endrik'izy ireo. Araka ny voalaza tetsy ambony dia ny fikambanana Arirarira no manome ny loka. Misy koa fahatsiarovana avy amin'ny Western Union atolotra ireo mpifaninana tsirairay.

Hetsika Iarahana amin'ny Ako Miantefa

Ny loka dia hozaraina amin'ireo mpifaninana nahazo izany mandritra ny hetsika izay hataon'ny KHT eny amin'ny Institution FJKM Rainandriamampandry amin'ny Asabotsy, 04 Martsa 2017.

Amin'io fotoana io koa no hankalazana ny tsingerin-taona fahafito niforonan'ny KHT. Ny lanonana rehetra dia hafanain'ireo mpanan-talenta mpitendry valiha avy ao amin'ny Ako Miantefa.

Teny Famaranana

Izay indray ary aloha no vita tamin'ity andiana fifaninanana ity ka dia ataovy toy ny mihinana voankazo an'ala ka ny mamy atelomy fa ny mangidy aloavy!

Arahabaina manokana i Barry Sirjon, Zara Ainga, ary Toky Ny Aina Joseclaudio, nahazo ny laharana telo voalohany.

Amin'ny manaraka indray o!